Commission de Réforme pour l'Intégrité Judiciaire (CRIJ)

Conseil en Ethique et Déontologie (CED)

IVORARY INTEGRITY FOR DEVELOPMENT

MEDEM

**Dina mamaritra ireo fomba mendrika sy mahitsy, ifampifehezan'ireo mpilatsaka hofidiana amin'ny Filan-kevitra Ambony momban'ny Mpitsara (CSM)**

**Izaho…………………………………………………………………………………………………………………………………………………………….**

**milatsaka hofidiana ho mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra Ambony momban'ny Mpitsara, ho solontenan'ny ……………………………………………………………………………………………………………………………………**

**Manao sonia etsy ambany, dia:**

- **i.** **Mahatsapa fa zava-dehibe ny famerenana ny fitokisan'ny olom-pirenena amin'ny Fitsarana malagasy ;**
- **ii.** **Resy lahatra tanteraka fa manan-danja ny fahamarinana sy ny fahitsiana eo amin'ny fanatanterahana ny asa amin'ny maha-mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra Ambony momban'ny Mpitsara ;**

**Koa manome toky aho, amin-kitsipo sy araka ny feon'ny fieritreretako fa :**

1. **Hanantanteraka ny fampielezan-kevitra amin'ny fivoizana ireo hevitra manatsara ny sehatry ny Fitsarana ;**
2. **Hamoaka am-pahamarinana ny loharanom-bola ampiasaiko mandritra ny fampielezan-kevitra ;**
3. **Handà ireo famatsiam-bola sy fanomezana izay mety hanohintohina ny fahamarinako sy ny fahaleovantenako;**
4. **Handray anjara amin'ny fanatsarana ireo lalàna mifehy ny Fitsarana ka hametraka fomba fanao tsara toy ny fanadihadina mahakasika ny fahamendrehan'ireo mpilatsaka hofidiana ;**
5. **Hisoroka sy hanafoana izay mety ho kolikoly sy fanararaotana amin'ny endriny rehetra;**
6. **Hanafoana tsy misy hatak'andro izay hetsika sy fanapahan-kevitra miendrika kiantranoantrano mahakasika ireo fanasaziana sy famindran-toerana ny Mpitsara;**
7. **Hampiroborobo ny fahitsiana sy ny fahamarinana amin'ny asa izay iandreketako ahafahana misoroka izay mety ho ahiahy mikasika ahy;**
8. **Hanana fitondran-tena mendrika amin'ny fiainako andavanandro, eo anivon'ny fianakaviana sy ny fiaraha-monina ary eo amin'ny sehatry ny asa;**
9. **Hitantana sy handrindra amin'ny fomba tsy mitanila ny fivoarana arak'asan'ny Mpitsara (fanendrena, fampiroboroboana andraikitra, famindran-toerana);**
10. **Hampihatra tsy misy fepetra ny fanajana sy ny fampiharana ny Fitsipi-pitondrantenan'ny Mpitsara;**
11. **Handray anjara amin'ny famerenana ny firaketana sy famoahana ho fanta-bahoaka ireo fanapahan-kevitra sy tolo-kevitra noraisin'ny Filan-kevitra Ambony momban'ny Mpitsara;**
12. **Hampahafantatra ampahibemaso sy hampitsahatra izay mety ho endrika fitsabahana sy fisalovanana mety handoto na hanimba ny fahaleovantenan'ny Mpitsara sy ny Filan-kevitra Ambony momban'ny Mpitsara;**
13. **Tsy hanao tsindry hazolena ireo tsy nifidy ny tenako, tsy hanome fampanantenana tombontsoa manokana ho an'ireo izay nanohana sy nifidy ahy.**

**Sonia**